REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA -ALAROBIA 30 SEPTAMBRA 2020-

## I- FAMPAHAFANTARANA :

**HATSARAINA NY "LOGICIEL AUGURE" AMIN'NY FITANTANANA NY MPIASAM-PANJAKANA:**

Hiroso amin'ny fanatsarana ny logiciel AUGURE isika ka :

1) Hampidirina ao avokoa tsy ho ela ny mpiasam-panjakana rehetra tsy ankavanaka toy ny miaramila, ny zandary, ny mpiasan'ny antenimiera, ny mpiasan'ny « Etablissements publics » sy ny mpiasa any amin'ireo ratsamangaikan'ny fitondrana isam-paritra.

2) Hisy ihany koa ny fanomezana "carte biométrique" ireo mpiasam-panjakana rehetra ary ny fametrahana ny norme ISO ho an'ny fikirakirana informatika.

3) Hisy ny fampidirana ireo "avancement d'échelon", fiovan'ny fandoavam-bola, ny fikajiana ny fialan-tsasatra, ny fanavaozana ireo fifanarahana, ny fampiantoana ny karama, sns,...

Mikasika ny fampiatoana ny karama dia hisy ny fampiatoana ny karaman'ireo izay mpiasam-panjakana tsy hita hoe mankaiza ary ireo olona nandray vola nefa tsy miasa na tsy voaisa ho mpiasam-panjakana ara-dalàna fa nandray volam-panjakana dia tsy maintsy mamerina izany avokoa, miampy ny fanesorana azy ireo anaty lisitra ary koa ny fanasaziana. Miisa 7547 izy ireo ary mbola eo am-panamarinana ny momba azy ireo ny ao amin'ny fitantanam-bola ankehitriny.

**MPAMPIANATRA FRAM AO AMIN'NY LYCEE: FANAMPIANA TAORIAN'NY COVID-19:**

Manoloana ny fiantraikan'ny valan'aretina covid-19 dia nisy ny fanampiana nomen'ny tetikasa PAEB ho an'ireo mpampianatra FRAM eny anivon'ireo sekoly garabola, ny ambaratonga voalohany ary ambaratonga faharoa. Ny fanjakana kosa no handray an-tanana ny fanampiana ireo mpampianatra FRAM eny anivon'ny Lycée mba hampitovy lenta ny fitantanana ireo mpampianatra rehetra miasa eny anivon'ny sekolim-panjakana manoloana ny fiantraikan'ny valan'aretina.

**ADY AMIN'NY FIHANAHAN'NY COVID-19 :**

Nomena fanalefahan-ketra ny Centre d'Infectiologie Charles Merieux eny Ankatso izay nanafatra fitaovana ilaina amin'ny laboratoara fitiliana sy fitaovam-piarovana hoentina miady amin'ny valan'aretina.

**ADY AMIN'NY TSY FANJARIAN-TSAKAFO :**
11 amin'ireo 18 kaominina iharan'ny Kere any atsimon'ny Nosy izay any amin'ireo toerana tena saro-dàlana no tena sahirana ankehitriny ka hitondrana fanampiana sy vonjy aina avy hatrany. Efa nisy ny fidinana ifotony saingy mbola hamafisina izany ary ny Filoham-pirenena no hidina any hitondra ny fanampiana entin'ny fanjakana ary koa ny hanamafy sy handamina ireo tetikasa maharitra sy fotodrafitrasa iadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo any amin'ny faritra atsimo.

# II- FANDANIANA DIDIM-PANJAKANA SY VOLAVOLAN-DALANA:

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny toe-karena sy ny fitantanam-bola**
Nankatoavina ny volavolan-dalàna mialoha mikasika ny "Loi de Règlement" ho an'ny taona 2017 izay halefa hodinihan'ny antenimiera roa tonta amin'ny fivoriana ara-potoana manaraka taorian'ny tsirihana nataon'ny "Cours des comptes" manoloana ny fandaniam-bolam-panjakana tamin'izany taona 2017 izany.

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny toe-karena sy ny fitantanam-bola sy ny Minisitry ny fahasalamam-bahoaka :**
Nankatoavina ny volavolan-dalàna mahakasika ny fampindramam-bola ho an'ny tetikasa PARN iarahana amin'ny Banky iraisam-pirenena mitentina 38,47 miliara ariary natao sonia ny 24 jona 2020.

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny fanajariana ny tany sy ny asa vaventy**
Nolanian'ny Filankevitry ny Minisitra ny didim-panjakana mamaritra ny filan'ny fanjakana ireo toerana voafaritry ny drafitra fanorenana tanàna ao amin'ny tanànan'Ambositra.

**Araka ny tolo-kevitry ny Sekreteram-panjakana misahana ny zandarimariam-pirenena eo anivon'ny ministeran'ny fiarovam-pirenena**
Noraisina ny didim-panjakana nampitombo ny fe-potoana nahazoana laharam-boninahitra ho an'ny Lieutenant RATSIMBAZAFY Nirintsoa Patrick (bonification d'ancienneté de port de garde d'un officier de carrière de la Gendarmerie nationale).

# III- FANENDRENA :

**Ny Filankevitry ny Minisitra dia nankatoa ny fanendrena ireto mpiasam-panjakana ambony ireto :**

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fitsarana**

- **M. RAMAMONJISOA Noelson Berthin**, dia voatendry ho Directeur Régional de l'Administration Pénitentiaire d'Analamanga.
- **Atoa RAKOTONANAHARY Njaranaina Hugues**, dia voatendry ho Talem-paritra misahana ny fonja ao Bongolava.
- **Atoa RALOA Pierre Auguste**, dia voatendry ho Talem-paritra misahana ny fonja ao Diana.
- **Atoa RAMBELOSON Tony**, dia voatendry ho Talem-paritra misahana ny fonja ao Sava.
- **Atoa RAZAFINDRAHANA Philémon Doré**, dia voatendry ho Talem-paritra misahana ny fonja ao Boeny.
- **Atoa BENOARISON SOLOTIANA Jasmin Dominique**, dia voatendry ho Talem-paritra misahana ny fonja ao Betsiboka.
- **Atoa RAKOTO Jaonandrasana Daniel Toussaint**, dia voatendry ho Talem-paritra misahana ny fonja ao Ihorombe.

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Filaminam-Bahoaka :**

- **Commissaire Principal de Police RABARIJAONA Holimahefa Eric**, dia voatendry ho Tale misahana ny fitantanana ny mpiasa.
- **Commissaire Principal de Police TOMBO Jacky**, dia voatendry ho Talem-paritra ao Ihorombe.

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fanabeazam-Pirenena :**

- **Atoa RALAINIRINA Razokiny Eric**, dia voatenrdy ho Tale Jeneraly misahana ny Etablissements Scolaires.
- **Ratoa RATSIMISETRA Felamboahangy**, dia voatendry ho Chef d'Unité de Facilitation des Projets
- **Atoa RATAVILAHY Harilala Andriniaina**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Patrimoine Foncier et des Infrastructures ».
- **Atoa RASAMISON Jullino Serge**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Planification de l'Education »
- **Ratoa RAVELOSON Julie Anna**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Formation Pédagogique »
- **Ratoa RAKOTONDRAMANANA Sylvia**, dia voatendry ho « Chef d'Unité de Contrôle et d'Audit ».
- **Atoa ANDRIANIRIANA Feno Soja Richard**, dia voatendry ho Tale misahana ny Système d'Information.
- **Ratoa RABEMANANTSOA Adrienne Irma Rabe**, dia voatendry ho Chef d'Unité de Communication.

- **Atoa RAKOTONANDRASANA Jeannot Aimé**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Education Non Formelle »
- **Ramatoa RAKOTOVOLOLONA Helikanto Tsimandefitra**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Curricula et des Recherches Pédagogiques ».
- **Atoa RAKOTONIRINA Justin**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Education de Masse et du Civisme ».
- **Atoa ANDRIANILANONA Jery**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Education Fondamentale et de la Petite Enfance ».
- **Atoa ANDRIANARISON Tinaina Edinah**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Examens et de la Certification ».
- **Atoa RAKOTONIAINA Roger**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Encadrement Scolaire et de l'Inspection Pédagogique ».

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana arakasa:**

- **Atoa TSIRAHAMBA** dia voatendry ho Tale Jeneraly misahana ny fampianarana Teknika sy ny fanofanana arakasa.

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena :**

- **Ramatoa RAVOLOLONARIVO Domoinaniaina**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Etudes et Techniques (DET) ».
- **Ramatoa RAKOTOMALALA Judickaêl Yvanna**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Infrastructures et de la Logistique (DIL) ».

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina :**

- **Atoa RASOLOMALALA Heri-Lanto Luciano** dia voatendry ho Talem-paritra Analamanga.

## IV- FANAFOANANA :

**Ny Filankevitry ny Minisitra dia nandray ny didy manafoana ireto didim-panjakana manaraka ireto :**

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fanabeazam-Pirenena :**

- Foana ny didim-panjakana nanendry ireo Tale Foibe rehetra tao amin'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena sy ny fanofanana arak'asa teo aloha.

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Indostria, Varotra ary Asa-tanana:**

- Foana ny didim-panjakana laharana faha 2019-879 tamin'ny 24 aprily 2019 nanendrena ny Talem-paritra ao Analanjirofo.

**Natao androany faha 30 Septambra 2020**
**Ny sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**